Kabarin'Andriamatoa Didier RATSIRAKA, Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara tamin'ny fitokanana ny Lapan'ny Antenimieran-doholona (Anosy Antananarivo, faha-1 Mey 2001)

Ry vahoaka malagasy, monina sy vantanina eto Antananarivo, arahaba Tompokolahy, manakory Tompokovavy e!

Quand les grecs demandaient au sage Solon, quelle est la meilleure Constitution ? - Il répondait : « D'abord, pour quel peuple et, ensuite, à quelle époque ? »

Raha nanontany ny grika fahiny tamin'ny loholona hendry tao amin'ny tanin-dry zareo grika hoe : « Inona ny Lalampanorenana tena tsara ? - Ny valin-teniny dia hoe : « Ho an'ny vahoaka iza aloha ary amin'ny fotoana inona ? »

Lalina dia lalina izay valin-teny izay.

Mbola hiverenako ny momba an'izay.

Fa telopolo taona latsaka kely lasa izay, dia rava ny Antenimieran-doholona noho ny antony samihafa izay tsy hivalaparana etoana. Izao izy tafaverina indray ho an'ilay vahoaka malagasy iray io ihany fa amin'ny fotoana hafa.

Ka ny voalohan-teninay dia izao : Ho anareo mpikambana, mambra ao amin'ny Antenimieran-doholona, dia arahaba feno fitiavana, feno firariantsoa sy fahombiazana, no atolotray anareo, ahafahanareo manatontosa antsakany sy andavany ny adidy masina sy saropady napetraky ny Firenena taminareo, hampandrosoana tsy misy tomika an'ity Madagasikara malalatsika ity.

Aleo angaha, tsy hanao mpisikidy mila voa tsy hary isika, tsy hanao tromba, fa mba ampitenenina kely ity trano meva, mendrika sy mijoalajoala, sady reharehan'i Madagasikara no mandravaka ny renivohitr'i Madagasikara.

Tsy henonareo ve ny teniny ?

Izaho maheno. Aleo adikako : Izaho, hoy izy, no mampiantrano ny Antenimieran-doholona. Ato no hanaovanareo ny lalàna hitondrana an'i Madagasikara any amin'ny fahasambarana, firaisankina, fahombiazana.

Tontosa soa aman-tsara izao ny rafitra mpanao lalàna anankiroa eto Madagasikara : eo an-daniny, ny Antenimieram-pirenena, eo an-kilany, ny Antenimieran-doholona.

Toy ny akondro kambana andrefan-tanàna io ka raha refesina tsy misy avo sy iva, raha fehezina tsy misy kely sy lehibe ary raha atelina tsy misy mangidy sy mamy.

Mitovy izy ireo amin'ny fanaovana ny lalàna fa samy manana ny andraikitra tandrify azy avy.

Mirary soa sy fahombiazana ho anareo izahay. Kanefa misy tsetsatsetra tsy aritra, hoy izy : Kolokoloy tsara ity trano meva, mijoalajoala sy mendrika ity.

Isaorana eram-po eran-tsaina ireo rehetra nitoto nahafotsy, nahandro nahamasaka, vy nahitana sy angady nananana ny fahavitan'izao trano mijoalajoala izao, dia ny tenako izany, hoy izy.

Raha tsy ianareo dia tsy nahita masoandro tahaka izao ny tenako. Aoka ianareo ho mendrika ny fitokisan'ny vahoaka malagasy anareo. Aoka tsy hanao faniriana diso tafahoatra fa izay no miteraka lolom-po ary mikotrika fitsiriritana samihafa.

Hanao fifidianana ny Filoha sy ny birao maharitra ianareo rehefa avy eo. Aoka tsy hanao faniriana diso tafahoatra fa samy hahatsapa ny andraikitra sahaza azy avy, fa izany no maha-Loholona anareo.

Manamarina ny tenin'ny Ombalahibemaso milaza hoe : « Aleo adala mpitondra toy izay adala loholona ».

Ianareo no ianteherana. Maro sosona ny andraikitrareo : ao ny fanaovan-dalàna, ao ny fanorona hevitra ny Governemanta sy ny fanjakana, ao ny fandraisana anjara avy hatrany amin'ny faritany mizaka tena, sns, sns… Saropady, sarobidy tokoa ny andraikitra miandry anareo ka aoka re ho samy mendrika isika : Izahay ho mendrika hampiantrano anareo, ianareo ho mendrika ampiantranoana ato.

Koa raha sitrakareo, raha telinareo izay teny kely nalefako teo izay dia asio tehaka mirefodrefotra, Tompokovavy sy Tompokolahy !

…..

Somary efa marenindrenina ihany izy satria efa telopolo taona izao ka ataovy mafimafy hono e !

Lamako… Lamako…Avereno…Atambaro !

Misaotra Tompokolahy, misaotra Tompokovavy !

Inona ny Lalampanorenana tsara indrindra hoy ny grika fehizay ?

Ho an'ny vahoaka iza moa, hoy i Solon, ary tamin'ny fotoana inona ?

Nisy fihetsiketsehana tamin'ny 1972. Tsy mamoha fota-mandry fa ny nanaovana itony trano itony dia mba hitondra ny tantara, ho entina ho lovan-tsofina hatrany amin'ny fara aman-dimby.

Noravana ny Repoblika voalohany. Soloy io fa tsy mety. Noravana ny Antenimieran-doholona, ny Antenimieram-pirenena, ny Governemanta. Nodorana tamin'izany ny « Hôtel de ville ». Mandraka izao ianao Andriamatoa Ben'ny tanàna mbola tsy manana « Hôtel de ville ».

Telopolo taona lasa izay ka ny irariako dia mba, amin'ny taona ho avy io, dia mba ho vita soa aman-tsara ny « Hôtel de ville », Tompokolahy.

Tompokovavy sy Tompokolahy, olo-manan-kaja ambony ianareo vahoaka manatrika eto, manome voninahitra ity lanonana ity.

Atsangano ny Fokonolona, hoy ry zareo ; natsangana ny Fokonolona ; Esory teo ny « Sous-Préfet », ny « Chef de canton », ny «Préfet » ; Soloy Vondrombahoaka hitsinjaram-pahefana ; soloy Antenimiera entim-bahoaka ; asio Vakim-pileovana, Fileovana, Faritany. Natao izany ; tanteraka izany. Taty aoriana, dia ireo olona nitaky izany ihany no nilaza hoe : foano ny Antenimieram-pirenena entim-bahoaka ; foano ny Vondrombahoaka hitsinjaram-pahefana ; avereno amin'ny toerany ny « Préfet » sy ny « Sous-Préfet » ; Atsangano ny Antenimieran-doholona.

Io izy io. Rehefa tafatsangana izy io na raha ohatra be loatra ny olona miaraka amin'i Ratsiraka ao dia efa tokony ho eritreretina sahady ny handrodanana ny Antenimieran-doholona. Izay no voalazan'i Ramatoa Zokiolona teo.

Aiza ihany izy ity re Tompoko o ! Inona ihany no tadiavintsika ? Sa manao ohatra ny hiran'ny ankizy, satria be fitsiriritana nefa tsy mahavita azy, ka manao hoe : « Izy iry ambony iry o ! – Izaho ihany ity o ! – Maninona eny indriako o ! – Izaho mikotrika atody o ! – Firy ny atodindriako o ! – ….. – Mba omeo ahy ny iray o ! – Tsy mba mikotrika itena !… - Mikotrika ihany fa tsy mahavanona !…»

Izany angamba ny toe-tsaina mitondra ny mpanao politika mpanohitra amin'izao fotoana izao ?

Izahay raha nanohitra tamin'ny fotoan'androny, nanohitra tamin'ny fomba mihaja, Tompokolahy sy Tompokovavy. Tsy mba naniratsira olona. Tsy mba nanompa olona. Nanolo-kevitra hoe : Izao no tokony hitondrana ity Firenena ity. Tsy mba nanakorontana. Tsy mba niady na tamin'iza na tamin'iza. Satria masina ny Tanindrazana.

Ka hoy izahay hoe : hiasa ianareo mambra ny Antenimieran-doholona. Asehoy ny maha-loholona anareo. Asehoy eny eo anatrehan'izao tontolo izao, eo anatrehan'ny malagacy, eo anatrehan'ny tantara, fa ianareo no mambran'ny Antenimieran-doholona mahavita azy. « Aleo adala mpitondra toy izay adala Loholona ».

Misy miteny ny mpanohitra : Fa nahoana i Ratsiraka no tsy mba miteny politika, zavatra mba irian'ny vahoaka fa resaka « éclipse » no resahiny ?

Fa angaha ny « éclipse » tsy miankina amin'ny vahoaka ? F'angaha tsy miantraika amin'ny vahoaka ? Sao adinoko aloha fa… asa raha eto ingahy MINOIS…

Est-ce que Monsieur MINOIS est là, s'il vous plaît ? Levez-vous s'il vous plaît ! Venez ici s'il vous plaît ! …

Est ce que vous avez des lunettes ?…

Voyez ici présent Monsieur MINOIS…membre de la Société astronomique française…Représentant de Monsieur DE LA COTARDIERE…. Je l'ai fait venir ici parce que nul n'est prophète en son pays. Quand je vous parle d'éclipse, on m'écoute sans trop écouter. Je l'ai fait venir. Il a fait 10.000 km …Il représente la société SAFFIRE…Pas saphir d'Ilakaka, mais SAFFIRE de France.

Il va vous montrer comment on utilise ces lunettes, quelles sont les précautions à prendre pour que les malgaches, nos enfants ne soient pas frappés de cécité. Il vous expliquera pendant une semaine et j'ai demandé au Ministre de l'information dix minutes à un quart d'heure tous les jours jusqu'à son départ, pour donner des explications à tous ceux qui veulent écouter et entendre. Je vous remercie Monsieur MINOIS et je vous souhaite bonne explication et que l'on vous écoute parce que moi, on m'écoute très peu !

Nafarana avy any andafy io olona io, manamboatra an'io « lunettes » io. Dia izy no hanome fanazavana feno.

Koa raha misy mivarotra « lunettes d'éclipse » na solomaso natokana ho an'ny fahatakonan'ny masoandro any ho any, dia mba hamarino tsara aloha, ento aty amin'ny SALAMA mba ho jeren'io rangahy io raha tena izy marina satria tsy « lunettes de soleil » akory no fampiasa amin'izany fa « lunettes » voatokana ho amin'izany.

Dia mbola ho avy koa ny solontenan'ny Société WATSON. Io indray dia « lunettes » amerikanina avy amin'ny société goavana indrindra avy any Etazonia, manamboatra ireo solomaso fanao amin'ny « éclipse » ireo. Ho tonga eto koa izy hanazava satria heveriko fa zava-dehibe loatra ny fisian'io « éclipse » io.

Indray mandeha isaky ny 376 taona eo amin'ny Firenena iray io no mandalo afa-tsy any Angola amin'ny taona ho avy ; sady mahita ny amin'ity izy no mahita amin'ny taona ho avy.

Zava-dehibe loatra, betsaka ny olona avy any dilam-bato hanao roa alina kilometatra, hijery an'io eto amintsika.

Asehoy, Tompokovavy sy Tompokolahy, ianareo vahoaka malagasy, ianareo tanora malagasy, ianareo manao fanamiana ireo, asehoy fa mahay mandray vahiny isika.

Io « éclipse » io, na fahatakonan'ny masoandro io - efa nambarako tamin'ny « conférence de presse » fa nisy tsy nahare na tsy nahita angamba ny « conférence de presse » - ary mety ho hamafisin'io rangahy vao tonga io, Andriamatoa MINOIS, fa 1H15 na 1H12 mialoha dia efa manomboka ny fihazakazahan'ny volana manakaiky ny masoandro. Roa minitra monja eo ho eo, eo ho eo hoy aho, ny fahatakonan'ny masoandro tanteraka na « éclipse totale », arakaraky ny toerana misy anao, eny fa na amin'io « zone de centralité », hoy ny teny baiko, misy mahita ny « éclipse totale » na fahatakonana tanteraka iray minitra monja, ny sasany roa minitra mahery kely, ny sasany 15 segondra.

Ka hoy izahay hoe : tandremo tsara fa misy fitandremana lalina satria izahay tsy manao ohatry ny sasany milaza hoe : izay roa minitra monja ve handaniana vola an-davitrisany ohatr'izao ?

Aminay, Tompokovavy sy Tompokolahy, izany mason'ny vahoaka malagasy izany tsy azo vidiam-bola, na telopolo segondra na iray segondra, tsy azo vidiam-bola io.

Il y a des gens, des inconséquents, des gens insensés qui osent dire et prétendre que, pour deux minutes, pourquoi dépenser des dizaines de milliards ?

Et on dit les choses suivantes : pourquoi prendre des précautions en Europe pour des européens et pourquoi ne pas prendre des précautions pour des malgaches ? Nous sommes des hommes comme les autres, nous sommes des femmes comme les autres.

Il y en a déjà qui font des gorges chauds et qui critiquent en disant : ca c'est un coup de Ratsiraka ; c'est pour donner un marché aux hélicoptères de son fils pour distribuer les lunettes ;

Izany sahady ny feo heno hoe : hitondra tsena ho an'ny « hélicoptère »-n'ny zanak'i Ratsiraka hono no nanaovan-dRatsiraka an'io. O ! ry zalahy ! mba matahora an'Andriamanitra, Tompoko o !

Izaho tsy afaka mihitsy hieritreritra, na ampahana segondra vitsivitsy fotsiny aza, tsy afaka hieritreritra mihitsy aho hoe hisy malagasy an-tapitrisany ho jamba amin'io fotoana io.

Raha misy vahoaka tantsaha jamba amin'io fotoana io, na iray hetsy na dimy hetsy, na iray tapitrisa na roa tapitrisa, iza no hamokatra eto amintsika, Tompokovavy sy Tompokolahy ?

Ireo manao angoan-tenda ve ? Tsia. Isika no mitondra faisana amin'izany.

Koa raha misy ny mpanohitra, misy ny manao angoan-tenda milaza hoe : tsy tokony andaniana volabe, tsy toko tsy forohana tahaka io ny « éclipse », dia hoy aho hoe : tsy tia tanindrazana izany olona izany, satria tsy izy ireo no handeha hamokatra na handeha hanesy omby eny an-tsaha raha ohatra ka jamba ny tantsaha.

Ary raha jamba ireo tantsaha ireo dia hividy « canne blanche »…Ohatrinona ny vidin'ny « canne blanche »? Misy milaza hoe lafo loatra ny solomaso. Tsy lafo izany, Tompokovavy sy Tompokolahy, tsy azo vidiam-bola ny maso.

Ary aoka tsy ny fanaovana « pilitika pilitika » ity no hanimbana ny Firenena.

Olona mpizaha-tany maro no ho avy eto, ho tonga any atsimo any indrindra indrindra. Ary izao tontolo izao dia samy hijery daholo ny fihetsiky ny malagasy.

Ka hoy izahay hoe : natao 15 tapitrisa isa ny solomaso voatokana ho amin'izany satria heverinay fa maherin'ny 15 tapitrisa ny vahoaka malagasy amin'izao fotoana izao, izany hoe, ny ankizy menavava tsy ao anatin'izany.

Ka aoka tsy hifanome tsiny indray andro any hoe : an !an ! tsy misy ny solomaso. Ampy ny solomaso nafarana. Izay te-hividy mividy, izay tsy te-hividy tsy mividy.

Misy koa ireo omena maimaim-poana araka ny efa voalaza. Satria ny tanora no andry sy hoavin'ity firenena ity dia ny mpianatra no omena maimaim-poana voalohany amin'izany ; ny mpampianatra omena maimaim-poana amin'izany ; ny dokotera, ny mpitsabo mpanampy sy ny sage-femme sy ny sisa … omena amin'izany ; ny mpanabe omena amin'izany ; ny foloalindahy, ny tafika, ny zandary sy ny polisy omena koa satria izy ireo no hanara-maso izany.

Mba tsy ho adinoko – misy milaza mantsy hoe : adino. Ah ! sanatria ! ah ! da sanatria avao ! – hoe, adinon-dRatsiraka hono ny foloalindahim-bahoaka.

Nasondrotra hono ny « valeur »-n'ny « point d'indice », fa ny « PGA »-n'ny miaramila adino.

Sanatria ! Tsy adino velively fa miandry ny fotoanany. Dia milaza aho anio fa hampitomboana avo roa heny, Tompokovavy sy Tompokolahy, ny « PGA »-n'ny miaramila.

Izany rehetra izany no vita, izao trano izao no tontosa dia satria efa manomboka miarin-doha ny toe-karem-pirenena, ka aoka tsy hisy intsony ireo mpanimbazimba sy mpandrava hefa, mpitsiriritra.

Izay no nahatonga ahy niteny hoe : andao hatao fifaninanana masina izy ity : izay mahavita be ho an'ny firenena ! Adin'ombalahin'ny mpianakavy ; izay mpandresy tsy hobiana ary izay resy tsy hakoraina. Handao isika hanao fifaninanana masina hampandroso an'ity Madagasikara malalatsika ity, ho reharehan'ny mpiara-belona amintsika amin'izao fotoana izao, ho reharehan'ny fara aman-dimby, ho reharehantsika eo anatrehan'izao tontolo izao, ary tsy ho menatra isika eo anatrehan'ny razantsika satria lanja miakatra ny fiainana.

Ka hoy izahay hoe : ho anareo rehetra mpikambana ao amin'ny Antenimieran-doholona, maleova mahalasana ! Mahavità be ho an'ny Firenena, toroy lalana mahitsy ny Governemanta, andao hiara-misalahy hifanome tanana hampandroso an'i Madagasikara, hampiadana ny ambanilanitra, ho tany mandroso fa tsy tany mahantra i Madagasikara malalatsika ity.

Ho ela velona anie i Madagasikara mitraka !

Ho ela velona anie i Madagasikara mahavita azy !